Faha-15 taonan'ny TIM

# Ho faranana tsy ho ela etsy Mahamasina 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 4 aogositra 2018 Laharana 797 Vidiny : 400 Ar


**Psaumes 118 : 8** 5

Prophétie et révélation pour le monde entier Madagasikara 28 juillet 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto



Fiainam-pirenena 3

# Miakatra ny ngidim-piainan'ny vahoaka




Mpianatra te-ho afa-panadinana 6

# Nilahatra teny 67 Ha atsimo



AJESAIA- U16 3

## Nahazo tso-drano sy vatsin-dalana avy amin'ny Ben'ny Tanàna



Nanomboka ny taona 2009 4

## Tsy menatra ny mamono olona intsony ny Malagasy

Rakotomamonjy Philippe 2

## Mila mifampatoky sy mifampihaino ny mpomba an'i Dada

ISPM Antsobolo 4

## Nahasarika mpitsidika marobe ny velatseho nokarakarainy

**Daka kely**

Tena nisy fisandratana daholo ny zavatra rehetra Raforce a !

Tranga mampalahelo 6

## Zazamenavava vao 4 andro narian-dreniny



### FAHA-15 TAONAN'NY TIM

## Ho faranana tsy ho ela etsy Mahamasina

Ho faranana tsy ho ela etsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Saika hatao ny alahady 5 aogositra izao izany, izany hoe rahampitso saingy noho ny antony fandaminana sy noho ny mbola tsy nivoahan'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Préfet de Police dia hahemotra amin'ny fotoana manaraka tsy ho ela izany hoy ny tompon'andraikitra mpikarakara. Manambara izy ireo fa ho lazaina amintsika rehetra eto ihany ny fotoana manaraka hanatanterahana izany famaranana ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny antoko TIM izany, izay ho tarihan'ny Filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana sy ireo birao politika, ary handraisan'ny mpomba ny filoha Ravalomanana tsy ankanavaka anjara. Hangorom-potsy indray izany Mahamasina.

***Isambilo***

Lalao Ravalomanana

## Nandray delegasiona ny Lions Club International

Nihaona tamin'ny Ben' ny Tanàna Lalao Ravalomanana omaly ny Delegasionan' ny Lion's Club International izay notarihan'ny Governora ny District 417 2018-2019 CMJ Lions, Louis Emmanuel NG. Ny votoatiny fihaonana dia fankasitrahana ny Ben'ny Tanàna tamin'ireo fanohanana ireo tetik'asa izay vitany hatramin'izay sy ny mbola ho avy, ary faly ihany koa izy ireo tamin 'ny fandraisan'ny Ben'ny Tanàna.



***Ny fihaonana teo amin'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo sy ny avy amin'ny Lions Club International.***

Anisan'ny asa ataon'ny Lion's CLUB eto Antananarivo Renivohitra dia ny ady amin'ny aretina diabeta, izay hita fa mihamihanaka eto Antananarivo, sy ny fanaovana ny fitiliana an'ireo mponina ny amin'izany ary ny fampianarana ny olona voan'ny diabeta amin'ny fomba fisakafoana ho an'ny olona eto Antananarivo Renivohitra.

***Isambilo***

Rakotomamonjy Philippe

## Mila mifampatoky sy mifampihaino ny mpomba an'i Dada

Tokony hahitsy amin'izay ny tsy nety tamin'ireo mpitarika sasantsasany teo amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) hoy Rakotomamonjy Philippe, DisTim ao amin'ny boriborintany I eto Antananarivo renivohitra. Tsy tokony haverina intsony ny tsy mety hoy izy, mila mifampatoky sy mifampihaino ary samy tokony hahay mifandefitra sy mifanazava tsara fa tsy hifandramatra sy hikorontana fotsiny akory. Tokony ho foana ny disadisa eo amin'ny samy mpikambana sasantsasany hoy ity mpanao pôlitika ity, ary ny tombontsoam-pirenena amin' izay no tokony ho banjinina fa tsy hiady hevitra intsony satria ho avy ny fifidianana filoham-pirenena. Ny hampandany an'i Marc Ravalomanana no tanjona hoy izy ka ilaina ny firaisan-kina sy ny fiaraha-miasa matotra satria ny mpifanandrina koa manao izay tratrany



***Ralipo avy amin'ny Dis-TIM Boriboritany I.***

handresy amin'ny fifidianana. Na izany aza anefa, dia miantso fitoniana sy filaminana hatrany ity mpanao pôlitika ity raha te-hiroso amin' ny fifidianana isika satria Ravalo tsy mila disadisa sy korontana, fa fifankatiavana sy fahendrena no tarigetra amin'ity fifidianana filoham-pirenena ity. Anio dia fotoam-be indray etsy Behoririka ary miandry toromarika ny vahoaka mpitolona amin'izao fametrahana dosie firotsahanko fidiana izao eto amintsika.

***Rajo***

Naivo Raholdine

## Miaro mafy ny fahotana vitan'i Andry Rajoelina

Efa nanamafy i Pety Rakotoniaina fa tsy hihemotra amin'ny fitoriana an'i Andry Rajoelina ary hitondra ny porofo rehetra ananany. Vonona hifanatrika amin'i Andry Rajoelina ihany koa ity mpanao pôlitika ity ary betsaka amin'izany ny dosie fananan'i Andry Rajoelina eto Madagasikara hatrany ivelany. Ny tena goavana dia ny fandrobana ny harem-pirenena sy gaboraraka tamin'ny fanonganam-panjakana teto ny taona 2009 ary taorian'izay dia tantely afa-drakotra ny harem-pirenena toy ny "bois de roses" sy ny harena ankibon'ny tany. Tsy izay ihany, fa maro ireo mpiray tsikombakomba taminy no ho voarohirohy amin'ity raharaha fanonganam-panjakana teto Madagasikara ity. Etsy andaniny anefa, dia miaro fatratra azy i Naivo Raholdine ary nilaza fa mila olona afaka hamaha ny olan'ny malagasy ny vahoaka ka i Andry Rajoelina hono no afaka hamaha izay olana izay. Olona sahy sy manana vina hoy ity mpanao pôlitika ity no afaka hamerina ny fampandrosoana an'i Madagasikara ary vonona hiaro ny vahoaka malagasy. Hatreto anefa dia mbola mandry tsilavoloha ny vahoaka noho ny afitsoky ny dahalo sy ny malaso etsy sy eroa tarazon'ny fanonganampanjakan'i Andry Rajoelina sy tohizan'izao fitondrana izao avokoa izany. Tsy eto an-drenivohitra ihany fa hatrany ambanivohitra ihany koa. Iza izany no afaka hamaha izay olana izay satria hatreto aloha dia tsy voavahan'ny fitondram-panjakana izay resaka tsy fandriampahalemana izay eto Madagasikara.

***Ny Akama***

Boriboritany faha 6 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe teny Antanety Avaratra sy Andranomena

Araka ny toromariky ny ben 'ny tanàna Lalao Ravalomanana, na asa andavanandron'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) aza ny fanadiovana ny tanàna dia misy ny andro atokana ho fanaovana fanadiovana faobe. Omaly maraina dia teny amin 'ny fokontany Antanety avaratra sy Andranomena indray no nanaovan 'ny boriborintany faha 6 Antananarivo renivohitra fanadiovana faobe. Nitarika ny asa fanadiovana tamin'izany ny lefitra faharoan'ny delegen'ny boriborintany faha 6 Andrianatoandro Sitraka sy ny mpiara-miasa aminy. Nisy araka izany ny fisokirana ny tatatra fandehanan'ny rano maloto sy ny fanalàna ny loto mivangongo. Manentana ny mponina hatrany ny CUA amin'ny fikajiana ny fahadiovana mandrakariva mba ho soa iombonan'ny vahoaka hatrany izany hoy Sitraka Andrianatoandro lefitry ny delegen'ny boriborintany fa izay tsy mandoto dia efa naman'ny manadio hoy izy.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Miakatra ny ngidim-piainan'ny vahoaka

Tsy voafehin'ny fitondrana Rajaonarimampianina intsony ny gaboraraky ny olana ara-tsosialin'ny vahoaka efa hatramin'izay ary indrindra miditra amin'izao enimbolana faharoa amin'ity taona 2018 ity izao. Karazany resabe ihany ny tarehimarika aroson'ny mpikajy ny antontan'isam-pirenena ny amin'ny tsy fihetsehana firy ny taha amin'ny sondrombidim-piainana (inflation) fa mihazohazo eo amin'ny 7 mahery kely eo hatrany. Ireo zavatra tena fanjifan'ny vahoaka andavanandro tsy hita mazava izay fihenany na dia teo aza, ohatra, ny vidim-bary lazaina ho mihena ; ny atody niakatra ambony be ny vidiny teo aloha ary zara raha mahita fihenany ; ny hena tsy mihetsika tamin'ny fisondrotany hatramin'izay ; ny saribao na arina fandrahoan-tsakafo tsy nihena intsony ilay nidangana be tamin'ny roa taona lasa, sns... Vao mainka koa ankehitriny nisondrotra ny saran-dalana, ary tsy nahita afitsoka amin'ny fihazonana izany tsy hihetsika ny fitondrana sy ny tomponandraikitra rehetra misahana ny fitaterana. Miha- mihidy vazana mitaty ny vokatr'izany ny mpandeha sy ny vahoaka amin'ny ankapobeny ankehitriny ary tsy maintsy misy fiantraikany amin'ny ao am-bilaniny sy ny sakafo hohaniny izany. Vokatr'izay avy eo, any amin'ny fahasalaman'ny mponina. Tsy mbola voafehin'ny fitondrana ihany koa anefa io fahavoazana eo amin'io sehatra ara-pahasalamana io. Ao anatin'izany indrindra ny vidim-panafody sy saram-pitsaboana. Efa iarahan'ny rehetra miaiky rehefa misy sahy miteny hoe : ohatran'ny tany tsy misy fanjakana eto. Ny mpitandro filaminana tsy mahavaha ny olana amin'ny tsy fandriampahalemana, fa eto an-drenivohitra fotsiny no miseho maneho hery rehefa misy manao hetsika midina an-dalambe…

Etsy ankilan'izany, olana lehibe maro samihafa izany anefa mahavariana fa mbola midehaka ho nahavita ihany Rajaonarimampianina sy ny ekipany. Ireo mpiray petsapetsa aminy taloha izay efa nihataka taminy ihany koa, na ny taloha, toa an'i Andry Rajoelina sy ny Mapar, na ireo manao sarinady mody mihataka amin'ny antokony dia mirotsaka amin'ny fifidianana filoham-pirenena, dia midehaka sy mihambo ho mahita ny vahaolana amin'ity firenena ity. Izy ireo mihevitra ny vahoaka ho zaza na bado azo ambakaina mandrakariva. Fanetriben'ny firenena izany. Inona no mba nataon'i Andry Rajoelina tamin'ny vahoaka Malagasy hanala azy ao anaty fahantrana lalina vantany vao niala teo amin'ny fitondrana izy nieboebo nanolotra ny lakile an-dRajaonarimampianina ? Tsy nisy, fa nilaozany nandeha tany ivelany tany nandritry ny taona maro nandany ny harena nangonina teto nandritry ny tetezamita. Izy nanapotika ny firenena tao anatin'ny dimy taona (ary nanamafy izay nanjo ny firenena izay Rajaonarimampianina vao tsy ela), izy indray ankehitriny no milaza ho mahita vahaolana hanarenana ny firenena amin'ity IEM-n'ity. Hamita-bahoaka indray ? Niantomboka tamin'ny nandrombahany ny fahefana teto amin'ny firenena no tsy voafehy intsony ny fidangan'ny vidim-piainana ary tsy nitsaha- nisondrotra izany mandraka ankehitriny. Tsy afa-miala fa tomponandraikitra miaraka amin'ny fitondrana Hvm amin'izao olana ara-tsosialim-bahoaka izao ny tenany. Ary tsy izy velively no hahavotra ity firenena latsaka lalina anaty fahantrana ity. Rajaonarimampianina sy ny ekipany ihany koa efa niaraha-nahita ny asa vitany hatramin'izay fa tsy misy afitsoka n'inona n'inona ambarany. Aoka tsy ho voafitaka ny vahoaka, sao mbola hiakatra ihany ity tahan'ny ngidin'ny vidim-piainana mafy ity.

***Sôh'son***



***Ny fanadiovana faobe teny amin'ny Boriboritany faha-VI.***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Filoham-pirenena : tsy ho mamba noana ka tsy mahamasim-panidy

Vanim-potoana fanehoan-kevtra izao volana vitsivitsy mialohan'ny fifidianana filoham-pirenena izao. Mitsangana sy mamoaka ny heviny ka manao fanambarana ny fikambanana maro samihafa ka na milaza ny fanohanany na fanolorany kandidà. Misy koa ny manolo-tena ho amin'izany toerana izany ka manakiana sy mihevitra fa tsy mendrika ho kandidà intsony ireo olona nifandimby nitondra teto amin'ny Firenena taty aorian'ny namerenan'ny mpanjanaka ny « fahaleovantna » satria tsy nisy nitondra fampandrosoana sy fivoarana na iray aza . Tongatonga ho azy teo amin'ny toeran'ny filoham-pirenena daholo izy ireny sady tsy nanana vinam-pampandrosoana ka nampisotro ronono an-tavy ny vahoaka. Nanao didy jadona sy nangoron-karena ary nanome vahana ny vahiny teo amin'ny sehatra fihariana rehetra ka tsy nahitan'ny mpiray firenena tombony fa vao mainka nampitombo ny fahantrany sy ny fahoriany. Porofon'izany, hono, ny fitomboan'ny mpatory eny antsena sy eny amin'ny fitobian'ny fako. Ny fahantrana koa, hono, dia hita taratra amin'ny fitomboan'ny mpivarotra amoron-dàlana sy ny firongatry ny tsy fandriampahalemana. Mitaky olombaovao tsy mbola voasaringotra tamin'ny raharaha maloto ny Firenena ka misy sahy manambara fa hahavaha ny olana mianjady amin'ny vahoaka ao anatin'ny volana vitsivitsy. Mety ho tongatonga ho azy eo amin'ny fitondrana koa anefa ny olombaovao ka hijabaka tahaka ireo hita porofo fa tsy nitondra fivoarana na dia teo aminy aza ny fahefana ary feno ny fepetra nahafahany nanao izany. Ny tsara ho fantatra dia mifamatotra avokoa ny sehatra rehetra misy sy mampiaina ny firenena. Tsy ao an-tsain'ny politisiana gasy fa tsy hiantsampy amin'ny hazo tsy fantatra intsony ny vahoaka malagasy. Tsy hisarangotra amin'izay efa hitam-poko hitam-pirenena ihany koa fa nampivarina ny firenena ao anaty lavaka mangitsokitsoka sy nampahantra ary nampanantenana tsy misy azy ny vahoaka malagasy. Eo koa ny nandrafitra vina toy ny "Fisandratana 2030" sy ny "Initiative Emergence Madagascar" (IEM) izay azo lazaina fa làlantsaina (théorique) ihany satria matoa ny mpanao tolotr'asa mitaky traikefa an-taonany maro dia noho ny fahatsapany fa ny diplaoma dia azo rehefa avy nanao fanohanan-kevitra avy amin'ny fanovozam-pahalalana sy fanadihadiana ihany kanefa mbola sarotra sy mila tetikady maty paika ary fotoana ny fanatanterahana sy fampiharana azy. Na izany na tsy izany dia efa nisy nanana vina izay heverina fa nahitam-bokatra tsara sy nahomby na dia taona vitsy aza no nampiharana azy toy ny MAP izany. Mety tsy ratsy ny vina fa tsapa sy tsy azo lavina dia misy  aretina nikiky sy mikiky ary mbola hikiky ity Firenena ity dia viriosy naparitaky ny politisiana gasy tamin'ireo olompirenena mamba fahefana sy tsy maharitra ny mena miraviravy. Mitsangana ny antoko tsy hiara-miasa, tsy hanao tongotra miara-mamindra, tsy hanao soroka miara-milanja, tsy hiara-misaina amin'izay efa mijoro hampandroso sy hampivoatra ny Firenena sy ny mponina ao amin'ny eo amin'ny lafiny rehetra, fa hamingana sy hampidaraboka ary hamono ny hafa mihitsy aza. Ny politisiana efa mahazo fahefana koa dia manao izay saim-pantany ka tsy mihevitra fa ny fitantanana ny Firenena anie dia mitaky fiaraha-mientana sy fiaraha-miasa amin'ny rehetra tsy misy hanavahana. Noho ny fitiavan'ny politisiana gasy mifikitra eo amin'ny fitondrana dia tsy misy mihevitra afa tsy izay hahamafy horina ny toerany ka mamafy lainga sy manampina ny mason'ny mpiray firenena aminy amin'ny fanomezana vola kely sy fizarana hanin-kely tsy mahavita herinandro. Hisy ny mason-tsivana ho an'ireo mirotsaka ho kandidà. Ho avy ny fizarana "tee shirt", "casquette", vola koa aza angamba, saingy tsy izay no zava-dehibe fa ny fahafantarana amin'ny antsipiriany kely indrindra izay homena ny vato. Tsy mila mikaroka "gisa mainty" satria mety ho maintimainty koa ny fisainany ka izay hita maso fa madio fo sy mandala ny marina ary matahotra an'Andriamanitra no hanala ity Firenena ity amin'izao haizim-pito manarona azy izao.

***Andry Tsiavalona***

Pr Harimalala Joseph

# Tsy ho ela intsony ny fotoam-pitsaharan'ny fitondran-dRajao

Roso ary nanomboka ny fanaterana ny filantsahan-kofidiana ho filoham-pirenena ka hifarana ny faha 21 Aogositra any ho any izany. Fanamby nampetraky ny Praiminisitra ny hanatontosa ny fifidianana na dia hambaran'ny mpahay lalàna aza fa fanitsahana ny lalam-panorenana io daty nofaritana io, kanefa dia roso ihany izy ity. Etsy andaniny dia miezaka ny miantso fitoniana ny mpitondra fanjakana mba hiatrehana izany fifidianana izany saingy toa tsy izany no zavamiseho eto Madagasikara fa vao mainka toa miha-latsaka lalina anaty fahoriana ny Malagasy. Eo anatrehan' izany dia manao antso avo amin'ny filoham-pirenena i Pr Harimalala Joseph, izay isan'ny mandinika hatrany ny tranga miseho eto Madagasikara. Ampanetrentena hoy izy no hiantsoana ny filoham-pirenena raha toa ka mbola mahatsapa izany andraikiny izany izy, mba hijery ny ondrin'Andriamanitra izay nankinin'ny Tompo aminy, manoloana izao fahoriam-bahoaka izao, dia ny tsy fandriampahalemana, ny asan-dahalo sy ny fakana an-keriny eran'i Madagasikara satria hiatrika fifididanana isika. Mba tsy ahatezitra an'Andriamanitra aminareo hoy ity mpandinika ity sy mba tsy ho tanteraka aminareo ny tenin'ny Tompo ao amin'ny Eziekela 34:10 manao hoe: "Izao no lazain'i Jehovah Tompo: indro, avy hamely ny mpiandry ondry Aho, dia ampamoahiko ny amin'ny ondriko izy ka esoriko tsy hiandry ny ondry intsony; dia tsy hamahan-tena intsony ny mpiandry ondry, fa hovonjeko eo amin'ny vavany ny ondriko mba tsy ho azony hohanina intsony". Izany hoe hoesorin'Andriamanitra amin'ny fiandrasana ny ondriny hianareo nohon'ny tsy fahavitanareo ny andraikitra izay nankinina taminareo, araka io soratra masina io satria dia amin "izao fotoam-piasanareo izao no hanjakan'ny tsy fandriampahalemana sy ny fanaovana an-keriny miaro vonoan'olona mahatsiravina eto amin'ny firenena, hatramin'ny nitarihinareo ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 ka izao mbola tohizanareo izao. Tsy vitan' izany fa mbola ampahorianareo sy rahonanareo ihany koa ireo mpampianatra izay mitaiza ireo kilonga madinika raha mba mitaky ny zony, ary manginy fotsiny ny fitakiana sendikaly izay hodianareo fanina avokoa izany. Raha ny kabarinao tany Anosy avaratra dia hitam-poko hitam-pirenena fa tsindry sy avonavona no asetrinareo ny fitakian'ny olona ary mbola arahina vavabe momba ny fanamboarana toe-tsaina izany, kanefa hianareo mpitarika aza Andriamatoa filoha tsy vonona ny hanova ny toe-tsainareo akory? Izao mantsy no ambaran'ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Timoty voalohany 5:18 manao hoe: "Aza manakombona ny vavan'ny omby mively vary ianao", ary koa "Ny mpiasa mendrika ny karamany", noho izany dia am-panajana sy am-pitiavana hoy hatrany ity mpandinika ity ny hiangaviana anareo mba tsy hanao be marenina amin' ny zavamisy fa handray fepetra haingana amin' izao zavamisy izao raha mbola manam-pahefana tokoa hianareo tompon' andraiki-panjakana ireo, mba tsy hanasazian'Andriamanitra anareo satria tsy maintsy hoavy ny fotoam-pitsaharanareo, ary tsy ho ela izany raha ny zavamisy satria tsy maintsy hametra-pialana anie ianao mialohan'ny fifidianana e! izany hoe ho avy ny sabata lehibe na ny fitsaharana izany. Koa aoka mba ho zavatra tsara no apetraka mialoha ny hialanao eo satria hoy ny tenin'ny tompo ao amin'ny Matio 24: 19-20 manao hoe: "Ary ho lozan'ny bevohoka sy ny mampinono amin'ireo andro ireo! Fa mivavaha hianareo mba tsy ho amin'ny ririnina na ho amin'ny sabata no handosiranareo".

***Lezama***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mirana R**


## NY TENY FIAINANA



***Galatiana 6:2***

*Mifampitondrà izay mavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn'i Kristy.*

FANABEAZANA POLITIKA

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Maire :** ben'ny tànana.

**Majorité :** 1)ny maro an'isa. Ny feon'ny maro an'isa azo avy amin' ny fifidianana. 2) ny maro an'isa feno dia ny fahazoana ny antsasaky ny vato miampy iray. 3) ny maro an'isa tsotra dia ny isan'ny vato be noho ny an'ny sasany nefa tsy nahazoana ny maro an'isa feno.

**Malgache (peuple) :** Malagasy.1)Olona monina eo amin'ny nosy Madagasikara. Manana fiaviana tokana azo avy amin'ny fifandraisan'ny foko Indoneziana samihafa tamin'ny foko samihafa avy ao Afrika araka ny ankamaroan'ny fitiliana jenetika.2) Ireo teratany vahiny manana zom-pirenena malagasy.

**Malgachisation :** fanagasiana ny teny fampianarana natomboka tamin'ny 1976.  Teny am-piandohany dia tetik'asa tsy nahomby noho ny famehana. Tsy ampy ny fotodrafitr'asa nentina nanantanteraka izany ka tsy nanome vokany nantenaina.

**Mandat :** fahazoan-dalàna misolo tena olon-tokana na vondron'olona.

**Manipulation :** familiviliana ny sain'ny olona.

**Marché des capitaux :** tsenam-bola.

**Marxisme :** Marxsisma. Firehan-kevitra pôlitika sy sosio- ekônomika manohitra ny fitondrana kapitalista araka ireo boky novokarin'i Karl Marx sy Engels.

**Maoisme :** firehan-kevitra nentin'i Mao tsé Toung naka fahefana sy nitantana an'i Sina. Mampianatra ny fandraisan'ny mpamboly sinoa andraikitra amin'ny fitantanana ny firenena.

**Média-planning :** drafitra mazava entina mandahatra ny fampiharana ny stratejia momba ny serasera.

**Médiateur :** Mpanelanelana.

**Microéconomie :** Ny ekonomia miompana indrindra ny fitantanana ekonomika ny orin'asa.

**Minorité :** Vitsy an'isa.

**Monarchie :** Fanjakan'ny Mpanjaka.

**Mondialisation :** Fanantontoloana.

**Monnaie :** ny vola.

**Nation :** Firenena.

***Fetra Ramamonjy***

## TONONKALO

# Fantaro ireo kandidà

Indreny fa miomana ny hirotsaka
`Reo efa fangoloka sy kapotsaka.
Anisan`izany ilay tia mampiesona,
Tsy mety mipetraka maka lesona.

Dia heno ihany koa fa mikononkonona,
`Lay tanora gasy miseho ho vonona,
Ka efa nangalatra fiaingàna,
Nitety ny vohitra sy tanàna.

Hijoro ihany koa fa tsy hanaiky gisitra,
Hatramin`ilay efa praiminisitra.
Miketrika hiverina haka seza,
Satria mbola maminy ny ho ngeza.

Ireo mpanakanto dia tsy nandà
Fa dia nisy nirotsaka ho kandidà.
Tsy dia vaovao amin`iretsy bandy
`Lay iray izay nivazo ny  "Adamalandy".

Hijoro ihany koa fa tsy honohono,
`Lay iray `zay malaza ho "be ronono".
Tsy dia mba mpanao ilay "ronono an-tavo"
Kanefa singanina ho "tena favo".

Santionany ihany ireo voatanisa,
Fa mbola hanaraka koa ny sisa.
Mahaiza mifidy , aza tia miroboka.
Ialao ny hery vizana sy andry boboka .

***DADAN`i ZINA (01-08-18)***

## NANOMBOKA NY TAONA 2009

# Tsy menatra ny mamono olona intsony ny Malagasy

Tamin'ny fitondràn' ny filoha Marc Ravalomanana no nisian'ny filaminana teto amin'ny firenena, nisy ny fanajana ny fitsipika teo amin'ny sehatra maro nandritra izany. Nanomboka ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakàna teto Madagasikara notarihin'i Andry Rajoelina hatramin'izao dia gaboraraka sy fahapotehana amin'ny lafiny maro no hita. Maro ny fampanantena natao ho an'ny vahoaka tamin' ireny fanonganam-panjakàna ireny, saingy nipetraka ho fampanantenana poak'aty fotsiny izy ireny taty aoriana. Nopotehina ny fananam-panjakàna sy an'olon-tsotra, nodorana, norobaina rehefa nahazo tsodrano avy amin'ny filohan'ny mpanongam-panjakàna Andry Rajoelina ireo vahoaka mpomba azy tamin'izany. Ankehitriny, milaza ilay nanapotika teto amin'ny firenena fa hitondra famonjena ho an'ny Malagasy indray hono. Manoloana izany indrindra dia nanambara Rakotoarisoa Eugène filohan'ny fokontany teo aloha fa mandady ny trambo, ka ny olona nanapotika indray no miseho hanavotra ny firenena indray hono. Nanambara mazava izy fa nanomboka tamin'ny fitondràna nentin'ny mpanongam-panjakàna ny taona 2009 dia tsy menatra ny mamono olona intsony ny Malagasy. Lasa ohatra ny mamono biby isika hoy izy fa tsy misy eritreritra hoe olombelona intsony. Izany dia vokatry ny toetsain'ilay olona miseho ho hanavotra an'i Madagasikara satria tao anatin'ny herisetra no niakarany teo amin'ny firondràna. Koa tongava saina ry Malagasy hoy Eugène Rakotoarisoa amin'ny fifidianana ho avy io mba tsy ho voafitaka amin'ny fampanantenana poak'aty indray dia ho loza ny hahazo.

***Helisoa***

## ISPM Ambatomaro Antsobolo

# Nahasarika mpitsidika marobe ny velatseho nokarakarainy

Nifanaretsaka tamin'ny habetsahan'ny mpitsidika ny teny amin'ny Hotel Carlton Anosy tao anatin'ny roa andro, ny Talata 31 Jolay sy ny Alarobia 01 Aogositra. Nahasarika olona maro ny velatseho(Salon) nokarakarain'ny Institut Supérieur Polytechnique de Madagascar – ISPM – eny Ambatomaro Antsobolo, izay nampirantiana ireo voka-pikarohana vitan'ny mpianatra ao aminy tamin'ireo tranoeva niisa hatrany amin'ny 200 mahery. Nahavariana sy nahaliana ireo vokatra na teo amin'ny lafiny mekanika, elektrômekanika, ny informatika, fikarohana sakafo isan-karazany solombary na solon-kena, ny voankazo azo nahodina ho karazan-tsakafo maro



*Anisan'ny zava-bitan'ny mpianatry ny ISPM naseho tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha.*

samihafa, ny fotodrafitr'asa vaovao mifandraika amin'ny zava-misy eto amin'ny firenena. Sokajin'olona maro samihafa no tonga nitsidika, ny ankamaroany dia saika mpianatra amin'ireo lisea manodidina miankina amin'ny fanjakana sy tsy miankina, ireo sekoly frantsay ; ny ray aman-dreny, ary ny mpandraharaha. Tratra ny tanjona ary nahafapo tokoa, hoy ny nambaran'ny Tale misahana ny fitantanan-draharaha sy vola eo anivon'ny sekoly, Razafindrahety Aimée. Nisaorany araka izany ireo mpitsidika rehetra sy ireo orinasa niara-niasa tamin'ny sekoly tamin'ny fanatanterahana iny hetsika iny sy ireo mieritreritra ny hanao fiarahamiasa. Ny velatseho no tapitra, fa ny fianarana mitohy ary miditra amin' ny fanadinana amin'izay ny mpianatra eo tapak' ity volana ity hatramin'ny fiandohan'ny volana Septambra. Tsiahivina fa misy naoty azon'ny mpianatra tamin'ny fampirantiana ireo voka-pikarohany ary izany dia tafiditra ao anaty naotimpanadinana. Tombontsoa maro no azon'ny mpianatra tamin'ireny fampahafantarana ny voka-pikarohana vitany ireny ary anisany mampiavaka ity sekoly ambony teknika tsy miankina ity izany.

***Aris***

## AMADIA Vakinankaratra

# Nanao hetsika fitsaboana maimaimpoana

Anatin'ny fandaharan' asa maharitra ho an'ny Faritra Vakinankaratra ny hetsika lehibe izay miahy ny mponina rehetra ao anatiny. Eo amin' ny lafiny ara-pahasalamana ary dia efa mahazatra ny hetsika ataon'ny Amadia (Andia Malagasy Miady amin'ny Diabeta) eto Antsirabe, varavarana misokatra andiany fahatelo hiadivana amin'ny aretina diabeta ary niara-dalana tamin' izao koa ny fitiliana maimaimpoana ny Diabeta sy fijerena ny fahasalaman' ny maso, na dia ireo olona tsy ahitana ny taha ny Diabeta aza, ny andron'ny 26 Jolay tao amin'ny Espace Mihaja Andranovisy. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny Lehiben'ny Faritra ny Jeneraly Rakotonarivo William, nahitana ny teo anivon'ny Ministera ny Fahasalambahoaka sy ny talem-paritry ny mponina, ireo mpitsabo ao amin'ny Amadia sy ny mpiaramiasa aminy. Nanamafisan'i Andriamatoa Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra fa tafiditra ao anatin'ny fiahiana ara-tsosialy ny mponina izao hetsika lehibe izao, izay ao anatin'ny tarigetrampampandrosoana ny Faritra, ka ny vahoaka salama sy tomady hoy izy hatrany no afaka hitondra ny anjara biriky eo amin'ny fampandrosoana ny Faritra misy azy ary mba hipaka eo amin' ny firenena iray manontolo. Nandritra ny fandraisam-pitenenana no nanamafisan'i Dokotera Pierre Ratsimbazafy, Mpandrindram-paritry ny Amadia eto, izay tompomarika amin'izao hetsika izao fa efa manerana an'izao tontolo izao ny ady atao amin'ny tahan' ny diabeta ho ambany indrindra, raha toa ka manodidina ny 5% eo izany. Raha eto Vakinankaratra manokana dia saika voakasika avokoa ny sokajin-taona rehetra satria hatreo amin'ny ankizy manodidina ny 9 volana ary ny zokiolona kosa dia ny 95 taona no ahiana mety ahitana izany taha ny Diabeta izany. Azo sorohana tsara anefa ny diabeta mba hitsinjovana ny mety ho voka-dratsy aterany.

***Solohery***

## Andro maneran-tanin'ny mponina

# Nankalazaina tamin'ny fomba tsotra ny tao Vakinankaratra

Hetsika tsotra fa nanana ny lanjany no nentin'ny foibem-paritry ny mponina nankalazana ny "Andro maneran-tany ho an'ny mponina, izay nankalazaina tao amin'ny lapan'ny faritra Vakinankaratra. Nifanindran-dalalana tamin'izany ny namoahana ireo mpianatra, niofana momba ny asa tanana teo anivon'ny foibem-paritry ny mponina Vakinankaratra na ny CPSE, na ny Ivontoerana Fampiroboroboana ara-tsosialy sy toekarena. «Zo fototra maha olona ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviana», no lohahevitra nankalazana izany. Niofana momba ny zaitra sy ny tricot-crochet ary ny broderie ireo mpiofana ireo ary misy ireo mianatra mandritra ny herintaona ao koa ny mianatra roa taona. Raha ny nambaran'ny tompon'andraikitra dia afaka miatrika asa avy hatrany ireto tanora ireto taorian'ny fiofanana izay norantoviny tao amin'ny CPSE.

***Solohery***

# Sakafo Ny Valosoa



Baranjely saosy tsy misy hena indray no laoka eto amin'ny gazetinao androany. Ny zavatra ilaina: baranjely, ovy, poivron, tongolo oignon, tongolo gasy, voatabia, sira, menaka. Tsotra ny fahandro azy: rehefa voadio tsara ireo legioma rehetra ireo, dia endasina ao am-bilany, anaty menaka kely ny tongolo (na oignon io na tongolo gasy), mbamin'ny poivron voatetika, atao manimanitra tsara. Vita izany dia arotsahy koa ny ovy voatetika antonontonony, endaso ho manitra tsara. Ampio sira, tapohy rano mitovy haavo amin'ny ovy, dia aleo hiketrika eo 10 minitra aloha. Ataovy afo mahery. Dia mihinana finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Mahasoa ny tarehy ny tantely sy vahona



Tarehy marefo, mora tohina : tantely sy vahona: atao ao anaty vilia jobo ny tantely 2 sotro fihinana ary tapohina dintim-bahona 1 sotrokely. Afangaro tsara dia atao maska ahosotra amin'ny tarehy mandritra ny 10 hatramin'ny 20 minitra. Kobanina amin'ny rano matimaty avy eo. Ny tantely dia hanadio sy hikolo ny hodi-tava, ny vahona kosa hampitony sy hampahazo aina ilay tarehy.
Tarehy makiana, tsy ampy rano : tantely sy ronono: raha tsy ampy rano na tsy ampy menaka ny tarehy dia mbola mety ikoloana azy koa ny tantely. Tantely 1 sotrokely sy ronono masaka efa nampangatsiahana, na yaourt tsy mamy, 1 sotrokely, no afangaro dia ahosotra amin'ny tarehy. Atao maska mandritra ny 20 na 30 minitra. Kobanina amin'ny rano matimaty avy eo. Ny tantely no hanadio sy hampalefaka ilay hoditra makiana, ary ny ronono, na yaourt kosa no hamelombelona sy hanamandina azy.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'Antsirabe renivohitry ny faritra Vakinankaratra



Ny tanànan'Antsirabe renivohitry ny faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany.
Izy no tanàn-dehibe faha-3 eto Madagasikara ao aorian'Antananarivo sy Fianarantsoa. Ny niavian'ny teny hoe Antsirabe dia avy amin'ny hoe toerana be sira, ilazana ity tanàna ity amin'ny kalitaon'ny tany sy ny rano ao, izay misy ny ranovisy izay somary masirasira ny tsirony, ny tany izay volkanika ka be sira mineral. 168 km any atsimon'Antananarivo no misy azy, 1500 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Anisan'ny tanàna mangatsiaka eto amin'ny Nosy Antsirabe, mety ho latsaka ny 0°C ny mari-pana any amin'ny fotoanan'ny ririnina. Nataon'ny Frantsay sesitany tany ny Mpanjakan'i Maraoka tamin'izany fotoana izany, tamin'ny taona 1953. Azo lazaina ho renivohitry ny posiposy koa Antsirabe. Faharoa eto amin'ny Nosy izy raha ny resaka indostria no resahana. Manana seranam-piaramanidina koa ity renivohitry ny ranovisy ity, misy ihany koa ny lalamby mankany avy aty Antananarivo. Misy boriboritany 2 ny tanànan'Antsirabe ary fokontany miisa 60.

## Psaumes 118 : 8

# Prophétie et révélation pour le monde entier Madagasikara 28 juillet 2018

Psaumes 118 : 8 : « Mais ceux qui cherchent un refuge auprès de MOI JEHOVAH recevront le pays comme leur propriété et ils possèderont Ma montagne sainte. »

O PEUPLE DE LA TERRE !

Moi JEHOVAH, Je déclare à toute l'humanité sans exception vivant sous le soleil : Ecoutez bien : Gardez bien ma PAROLE. Esaïe 57/21 : « Il n'y a point de PAIX pour les méchants.» Désormais, où vous liserez ce présent MESSAGE ECRIT, sous vos yeux, MOI JEHOVAH, J'aimerai que vous fassiez une autocritique de votre propre personne, de votre caractère, de votre âme. Vous vous poserez la question : Mais pourquoi ? A MOI de vous répondre : ne comptez pas sur votre personne, sur qui comptez vous ? Psaumes 34 :22b : Il n'y a pas de condamnation pour ceux qui ont recours à Moi JEHOVAH. Dis-Moi cher humain, au vue des faits et évènements qui se produisent, qui rendent malheureux, qui torturent, qui effrayent, qui épouvantent sous le soleil. En qui cherchez-vous refuge ??? Est-ce-que vous vous confiez aux hommes ? Est-ce-que vous comptez sur la richesse et intelligence ? Prenez garde, il n'existe aucun salut sauf si vous cherchez refuge EN MOI JEHOVAH et si vous avez la crainte de MOI JEHOVAH et si vous croyez que JESUS EST ROI. Je ne ME lasse pas de répéter que des éminentes catastrophes vont venir, mais le SALUT pointe déjà à l'horizon. C'est à vous de croire. Voilà, Je vous ai déjà prévenu que des désastres menaceront. Certains ont déjà eu lieu, mais d'autres vont encore se produire et ceci dans le monde entier. Ils sont dus à la fureur de la nature qui devrait donner la vie ; mais comme elle a été corrompue, méprisée, et même profanée et surtout parce que l'homme a cherché refuge auprès de faux dieux qui ne peuvent même pas sauver, ni entendre, ni voir, ni parler et qu'ils n'exaucent aucune prière. Le précédent message a révélé sur L'EAU, et LE FEU incontrôlables avec une arrivée brusque qu'ils exterminent. Ce que vous ne comprenez pas, ni vous ne cernez pas par votre intelligence, ni par votre argent et même pas avec les appareils dont vous disposez : Toutes les catastrophes à venir prendront source dans la terre, car la terre est la toute première de mes CREATIONS. Savez-vous ? La terre était informe et vide Genèse 1/1 Au commencement MOI JEHOVAH ai créé les cieux et la terre. C'est ce que Je disais que les faits viennent souvent en parallèle. S'il y a un signe ici au ciel, des miracles se produisent sur la terre. Cela fait longtemps que Je vous ai recommandé d'observer le ciel. Vous y verrez le soleil et la lune entourés d'arc en ciel, les étoiles se déplaceront. Sous peu vous y verrez des ECRITURES DE FEU. Tout cela a une signification. Que se passera-t-il ici bas sur la terre ? La terre sera aride et le sol deviendra stérile, infertile. Cela engendra une famine. La terre se fendra et finira par trembler fortement. Des essaims de criquets en sortiront et envahiront la terre. Dans plusieurs régions de la terre l'eau manquera qu'une chaleur accablante invivable en sortira. Les seules rivières qui coulent encore vont être à sec, il fera très chaud et surtout la mer que d'innombrables animaux marins ne supporteront pas qu'ils finiront hélas par succomber. Ainsi de même que pour le grand froid. Un grand froid envahira plusieurs régions de la terre aussi, elle sera insupportable à l'homme. Le froid en ce temps là sera terrible qu'aucun appareil de mesure créé par les humains ne pourra le mesurer. Ce froid sortira aussi de la terre. Cela durera 3 jours sur la terre. C'est un froid REPARATEUR. Il réparera beaucoup de chose ; tout ce qui a été ravagé. Il restaurera à sa forme originelle ce qui a été détruit dans la nature et chez l'homme. La réparation que J'entreprendrai, pourra vous ébahir mais c'est la vérité. Le savez-vous que tout au commencement lorsque MOI JEHOVAH J'ai créé le monde, c'est LE FROID qui retenait la terre ! Mais grâce à mon savoir faire que J'ai fait alterner le froid et la chaleur. J'ai gardé une partie du froid au pôle nord pour garder l'équilibre de la terre. Ainsi lorsque ce froid aura lieu soyez reconnaissant, remerciez Moi car JE VOUS AIME encore. Les différentes saisons qui passent et qui se succèdent : été, hiver, automne, et printemps que vous jouissez sont en même temps une restauration et mon amour pour vous. La réalité actuelle ? On ne peut plus les distinguer à cause de la terre qui a été souillée, corrompue. Il vous arrive cher humain de contredire à ma PAROLE et pourtant vous n'avez même pas de solution ! Voilà les nouvelles planètes sont sorties selon leur couleur respective suivant leur mission que Je leur ai assignée. Les 7 couleurs suivantes vont se succéder : rouge, vert, bleu, violet, orange, jaune, indigo. Je vous rappelle leur signification : ROUGE= victoire, VERT = PAIX, BLEU CLAIR= Royaume céleste, VIOLET= souveraineté, ORANGE=miséricorde, INDIGO= Chose cachée. La couleur BLANCHE englobe et conserve le tout= Vérité et Sainteté. Suivez toujours car on vous révèlera le futur afin que vous puissiez vous préparer. AMEN

JEHOVAH LE ROI ETERNEL

## TAFATAFA

### Raniry, Mahajanga

# Ny Filoha Ravalomanana no hanavotra ny firenena

***Fanehoan-kevitr'i Raniry mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany :***

Samia isika mianakavy mifantoka tanteraka amin'ny fampandaniana an'i Dada amin'izay manomboka izao mba ho fanavotampirenena. Tena mampahonena tokoa ny mahazo ny firenentsika ankehitriny ka mila olona manam-piniavana sy manam-pitiavana marina tokoa hitarika antsika rehetra hifanome tanana. Mila olona toa an'i Dada ny firenena ankehitriny. Sahy mandray andraikitra, hentitra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, matotra amin'ny fitarihana na ny "leaderships" ny filoha Marc Ravalomanana. Samia isika manentana an'ireo mpiray vodirindrina amintsika, manazava ny marina. Aoka ho samy mailo tanteraka fa ny marina mitavozavoza, hono, tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra. Ambarao ny vahoaka ny marina mba hampisy fanantenana amin'izao fiainana efa tena latsaka an-katerena tanteraka izao. Ny tsy fandriampahalemana no tsy maintsy hofongorina voalohany fa mandry tsy lavo loha loatra ny valala tsy mandady harona sy ireo mpitrongy vao homana. Isan'ny nampiavaka an'i Dada io fahaizana nitandro ny filaminana sy ny fandriampahalemana io. Tsaroantsika tsara ny namongorany ny "fôrôsy" tao Antsiranana, tamin'ny andron'i Dada tsy nanjakazaka tahaka izao ny dahalo sy ny tontakely ary ireo mpanao hala-botry sy mpangoron-karena. Fantatsika tsara fa tsy mba nijery tavan'olona mihitsy i Dada tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra fa na dia be galona sy be diplaoma aza dia nofaiziny avokoa rehefa nanao ny tsy mety. Ankoatr'izay dia isan'ny tena nampisongadina an'i Dada ihany koa ny teo amin'ny lafiny fampianarana. Tsy mbola maty vonoina hatramin'izao ny fanampiany mivantana ireo Ray aman-dReny sy ny kilonga madinika tamin'ny alalan'ireo "kits scolaires". Mbola maro aza ny ankizy misalotra ny aron'akanjo tamin'ny andron'i Dada mandraka ankehitriny. Tsy adinoina ihany koa ny fijereny manokana ireo mpampianatra sy mpanabe. Tsy mba niafiafy tamin'ny fanomezana fitaovana sy fiofanana ny filoha Marc Ravalomanana mba hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana sy ny fanabeazana. Ny fotodrafitrasan'ny tontolon'ny fanabeazana tsy lazaina intsony fa tena nahavita i Dada e! Isan'ny nampiavaka an'i Dada ihany koa ny teo amin'ny lafin'ny fahasalamana. Tsaroako tsara raha niteraka ny zanako faharoa ny vadiko tamin'ny taona 2008 tao amin'ny hôpitalin'ny Reny sy ny zaza na "CME" teto Mahajanga, izay namboarin'i Dada. Ny kalitaon'ny fitsaboana tena azoko lazaina fa tsy mena-mitaha amin'ny any ivelany mihitsy fa tena tsara karakara ny vady aman-janako, ny fitaovana raitra sy madio ary harifomba kanefa tsy niala vola izahay fa niantohana maimaimpoana avokoa ny fitsaboana rehetra. Tena hafa ihany i Dada e! Indrisy anefa ankehitriny fa raha sendra mba nitondra marary tao amin'io toby fitsaboana ny Reny sy ny zaza io izahay dia toa nofy sisa ny taloha. Raha vao lasa i Dada dia lasa nanaraka azy avokoa ny soa notovozin'ny vahoaka Malagasy tamin'ny androny. Ny tena tsy azo hanadinoana an'i Dada dia ny fanamboaran-dalana. Betsaka ny nanenjika azy tamin'izany fa "lalana ve azo hohanina?". Ankehitriny vao samy mahatsiaro azy ny rehetra fa hay tena kitro ifaharan'ny fampandrosoana tokoa ny fanamboarandalana. Raha mbola teo i Dada, efa taiza ny toerana nisy an'i Madagasikara? Ireo asa vaventy maro isan-karazany tsy lazaina intsony, manginy fotsiny ny fanatsarana ny fitantanan-draharaham-panjakana. Mbola mitsetsetra ihany ny tena mandalo manoloana ny Banky Foiben'i Madagasikara eny amin'ny "Bord de la Mer Mahajanga" ankehitriny. Taratry ny fahamatoran'i Dada rehefa manao zavatra io fa zovy no tsy mi-aiky sy manaiky ny hakantony sy ny kalitaon'ny nanamboarana azy? Jereo anie ny hôpitaly manara-penitra izay namboarin'ny sasany e! Zandrin'ny "Banque central" lavitra kanefa efa potika sy rotika sahady ankehitriny. Toraka izany koa ny lalana rehetra izay namboarin'i Dada teto Mahajanga, fa tena mbola mijoro sy mirijarija tsara avokoa ankehitriny. Ny an'ny hafa tsy ampy herin-taona akory dia potika. Jereo ny vola e! Ampy itsarana an'i Dada ny kalitaon'ny nanamboarany ny azy raha ampitahaina amin'ilay nivoaka farany io.

Fehiny, ndeha hifanome tanana isika rehetra hanao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra hamerina an'i Dada hanavotra an'ity firenena malalantsika rehetra ity. Maro ny hazo fa ny fary no mamy, be ny vorona fa ny railovy no manga feo. Betsaka ny mahay miteny sy mikabary fa ny asa vita ihany no ifampitsarana. Alao hery ary ry vahoaka Malagasy mpiray tanindrazana fa ny tonga miaraka no fanombohana, ny miasa miaraka no fahombiazana.

***Nangonin'Isambilo***

## Taratasin'ny mpamaky

Zavatra hita sy tsapa dia ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao. 50 000 fmg ! no karaman'ireo nanatrika ny hetsiky ny TGV MAPAR tetsy amin'ny Palais des Sports Mahamasina. Efa fomban-dry zareo ny manakarama, tsy olana iny fa efa nampoizina sady aleo hizara vola fa antsika daholo ireny vola ireny. Fa ny tena tsy zakako dia ity saina malagasy maitso fotsy mena novaina ho maitso fotsy orange. Fa nga ny anadahandrenindrangah no nitolona nitaky ny fahaleovantena na nametraka io loko menamena io ??? misy dikany io fa aza manao fisainanjaza tahaka io rangaha Radomelina a !!tsy hamidinay ny tanindrazanay tompoko !! ary tsy anao irery i Madagascar ka izay tianao no hatao eto na dia manambola aza ianao!! koa maninona raha tonga dia hovaina bleu blanc rouge raha hanova ihany !

***Setra Ramanoara***

***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Boriboritany III sy ny antoko TIM

## Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe



*Ny didimpoitra maimaimpoana faobe tetsy amin'ny Boriboritany faha-3.*

Araka ny Vinan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravolamanana dia anisan'ny atao laharam-pahamehana ny Sosialim-bahoaka. Ka izany no indrindra no antony nanaovana hetsika didimpoitra faobe maimaimpoana, izay notonosaina omaly maraina tetsy amin'ny biraon'ny Boriboritany fahatelo Antaninandro. Natao koa izao hetsika izao hoy ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo Rado Andriamamonjisoa, nohon'ny fangatahan'ny vahoaka teo amin'ny boriboritany ary nohenoina ny hetahetan 'izy ireo, amin'ny fanalana ny fahasahiranan' ny Vahoaka. Zazalahy kely miisa 33 no nahazo tombontsoa tamin'izany, 2 taona ka hatramin'ny 5 taona, izay avy ao anatin'ny fokontany 34 manerana ny Boriboritany fahatelo. Nomena malabary 2 avy isaky ny ankizy sy kilalao ary vatomamy ireo ankizy vita fora ireo. Dokotera 3, mpanampy 5 avy amin' ny Departemanta misahana ny fahasalamana avy amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) no nanatanteraka ny famorana ireo ankizy. Marihana fa ezaka avy amin'ny boriboritany fahatelo no nahatonga izao hetsika izao ary misy koa fiarahamiasa amin'ny malalatanana, ka anisan'izany ny fanomezan'ny antoko Tiko i Madagasikara (TIM) ireo malabary 2 avy isaky ny ankizy . Mametraka fisaorana mitafotafo ny boriboritany fahatelo tamin'ny fanampiana avy amin'ireo olona nanampy rehetra tamin'izao hetsika izao.

***Aly***

Androy sy Anôsy

## Very fanahy mbola velona ny mponina noho ny tsy fandriampahalemana

Androy sy Anôsy, vahoaka very fanahy mbola velona noho ny tsy fandriampahalemana. Mampivarahotsana ny manjo ny zanaka malagasy any Androy sy Anôsy iny. Saika isan'andro dia andrenesana fanafihana maherivaika, halatra, ataon'ireo dahalo. Ireo mpitandro filaminana tsy afa-mikofoka na eny am-pelatanany aza ny basy. Ny mahatsikaiky sy mampalahelo ny lokaloka be sy ny tafondro vavan'ny Praiministra teo aloha, ho governemanta ho an'ny ady, ho fametrahana ireo tobi-miaramila zary vavany fotsiny. Amin'izao fotoana, lany tamingana ireo omby sy osy eny fa hatramin'ny akoho. Ny doro-trano tsy tenenina intsony. Ny vonoan'olona sy ny asan-dahalo zary kolontsaina vaovao'ny any atsimo sy amin'ireo faritra anjakan'ny asandahalo. Fehiny,vola very fotsiny ireo nikarakara atrik'asa goavana tao Androy sy Anôsy mahakasika ity fandriampahalemana ity.

***Mangarahara***

AJESAIA- U16

## Nahazo tso-drano sy vatsin-dalana avy amin'ny Ben'ny Tanàna



*Ny fihaonan'ny Ben'ny Tanàna tamin'ny AJESAIA-U16 tetsy Analakely.*

Handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena eo amin'ny baolina kitra antsoina hoe Gothia Cup China, hatao any Chine ny ekipan'ny Ajesaia- U16 ny 7 ka hatramin'ny 21 aogositra ho avy izao. Tonga nangataka tso-drano tamin' ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana izy ireo omaly maraina, tetsy amin'ny Lapan'ny tanànan'Analekely. Tamin'izany no nanomezan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana tso-drano ho azy ireo hahomby amin'izany fifaninanana iraisam-pirenena amin'ny baolina kitra izany, izay handraisan'ny firenena 46 anjara, sy nanomezany vatsin-dalana ho azy ireo koa. Hafatra napetraky ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana nandritra izao fihaonana tamin' ireto ekipan'ny Ajesaia-U16, na latsaky ny 16 taona ireto izao, ny hananana toe-tsaina arapanatanjahantena na esprit sportif hatrany, izay somary very ihany izany tao ho ao. Sambany ny Ajesaia no handray anjara amin'ity lalao iraisam-pirenena Gothia Cup China, hatao any Chine ity, nanambara ny filohany Jasmina Ravelonarivo, fa hanandratra avo ny lazan'i Madaasikara izy ireo any Chine izao.

***Lita***

Lalaon'ny ASIEF

## Ho hentitra amin'ny tsy mpiasam-panjakana mandray anjara

Tao Toamasina ny alarobia teo ny filoha nasionalin'ny ASIEF Andriamatoa Andrianarison Jean Aimé na John Love, niaraka tamina teknisiana maromaro ao anatin'ny komity nasionaly. Fantatra rahateo fa Toamasina no hampiantrano ny fiadiana ny ho tompondaka nasionaly amin'ity lalao ara-panatanjahantenan'ny mpiasam-panjakana ity amin'ny 26 Septambra hatramin'ny 07 Oktobra izao. Saika efa manatanteraka fifanintsanana isam-paritra ny rehetra ary samy efa mametraka fandrindrana manokana ny amin'izany. Amin'ny ankapobeny aloha raha ny voalazan'ny filoha nasionalin'ny ASIEF : Association Sportive Interministérielle pour l'Entretien des Fonctionnaires dia mandeha tsara ny fifanintsanana, mbola tsy dia misy loatra ny olana, ary raha tsy izany dia samy efa nahavaha ny azy ny solontena ny komity mpanomana isam-paritra. Ho hentitra tanteraka ny mpikarakara amin'ny resaka « mercenariat » satria tena aleo ny mpiasampanjakana ihany no handray anjara amin'ny tournoi ASIEF, hisy ny fanarahamaso akaiky ataon'ny mpikarakara. Efa voajery sy voaomana koa ny fotodrafitrasa toy ny kianja samihafa handray ireo karazampifaninanana ara-panatanjahantena, toy izany koa ireo toerana fanatobiana izay tena handray ny mpilalao an'arivony maro amin'izay. Efa mandeha tsara koa ny fampanarahana ny fepetra fototra sy manokana isan-taranja momba ny fifanintsanana ho atao, toy izany koa ireo fanamarinana isan-tsokajiny arataratasy sy ny fampitana ny tsara ho fantatra ho an'ny sokajy sy ireo mpilalao mpiasam-panjakana izay tena mahasarotiny tokoa azy ireo araka ny averin'ny filoha nasionaly ombieny ombieny fa ho hentitra tanteraka ny fanaraha-maso, ka hisy mihitsy ny fiaraha-miasa amin'ny federasiona ny amin'izay lafiny izay. Koa raha sendra izany, ka misy mpiasam-panjakana licencié dia nazavain'ny filoha nasionaly fa ny lalàna no arahina ka mila mijanona 2 taona aloha izy vao afaka mandray anjara. Vinavinain'ny mpikarakara fa hahatratra hatramin'ny 8000 isa any ho any ireo mpiasam-panjakana avy amin'ny faritra hafa hiatrika ny famaranana aty Toamasina io.

***Fanja Aina***

Mpianatra te-ho afa-panadinana

## Nilahatra teny amin'ny 67 Ha atsimo

Tsy ampy be ihany ny fampianarana tamin'ity taona ity ka maro ireo mpianatra no tsy nahavita fandaharam-pianarana akory. Tsy hihemotra anefa ny fanadinana ka maro amin'ireo mpianatra no mila fanamafisana sy fikarakaram-batana satria tsy maintsy hiatrika fanadinana amin'ity volana Aogositra ity. Tsy io ihany fa eo koa ny hiatrika fanadinana amin'ny volana Septambre. Mahay ity tovovavikely ity fa mila mikarakara vatana hoy izy satria tsy kely làlana ny ratsy. Tamin'ny taona lasa mantsy dia nisy mpianatra mahay be ao am-pianarana, saingy tsy afaka fa nangovitra fotsiny izany ny tanany rehefa tonga ny fotoam-panadinana. Tsy io ihany, fa nisy mpianatra ihany koa saika torana fotsiny izao tsy rony tsy ventiny nefa ny fanadinana mandeha. Matahotra aho hoy ity mpianatra ity ka aleoko mikarakara vatana satria te ho afa-panadinana aho, ary tsy te-hamerintaona intsony. Tamin'ny gazety ny nahafantarany ny nomeraon'i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** ary ny **03260 479 94** mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo. Ny reniny mihitsy no nitondra azy teny amin'ity mpitsabo ity.

**Maro ireo tafita rehefa nokarakarain'ity mpitsabo ity**

Santionany tamin'ireo mpianatra nanala fanadinana tamin'ny taona lasa no nohazavain'ity mpitsabo ity tamin'izy mianaka. Misy olona hoy izy na tsy mahay aza ny zanany dia afaka satria nokarakaraina. Ilay tovovavy kely tamin'ny taona lasa hoy izy dia mahay be ao am-pianarana saingy nisy nanao ankasomparana ka nandritry ny fotoam-panadinana dia nangovitra fotsiny izao ny tenany ka tsy afaka ary tsy maintsy notsaboina vao sitrana. Tsy ireo ihany hoy ity mpitsabo ity fa mpianatra zazalahy ihany koa no nanala fanadinana bakalorea tamin'ny herintaona nefa nikarapoka fotsiny teo am-panaovana fanadinana ary tsy afaka. Mosavy koa no nahazo azy io hoy ilay mpitsabo satria ny sipany taloha ihany no namosavy azy rehefa nijangajanga izy fa tsy nety nanaja io sipany io, ka namosavian'ilay sipany. Tamin'ny haingony mihitsy hoy ity mpitsabo ity no namelezany azy satria rehefa tsy afa-panadinana izy dia mazava ho azy fa hisaraka aminy. Matokia ianao hoy izy fa tsy maintsy ho afaka rehefa voakarakara satria izay mila fikarakarana manokana teto amiko dia afaka avokoa. Hahazo toky ity tovovikely ity fa ho afa-panadinana satria nisy zavatra nampitondraina azy hampiasainy rehefa tonga ny fotoam-panadinana. Miandry ny fotoam-panadinana sisa ity tovovavikely ity satria efa azo antoka fa ho afaka sahady rehefa nahazo fikarakarana manokana teny amin'i Madame Noelah.

***Ny Akama***

Tranga mampalahelo

## Zazamenavava vao 4 andro narian-dreniny

Tranga mampalahelo sy mahonena no nitranga tamin'ny manodidina ny renivohitra omaly. Zazalahikely zaza menavava vao teraka vao haingana no nisy nanary teny Ambodimanga, fokontany Ambohimahavelona Soavinimerina. Salama tsara ilay zaza menavava ary ireo ankizy handeha hiandry omby maraina no nahita azy. Nisy taratasy kely nanaraka azy hoe : « Izay mahita ity zaza ity dia tiavo sy tezao izy hoy ny reniny ». Naterin'ny olona avy hatrany tany amin'ny CSB akaiky teo izy ka raha ny filazan'ny mpampivelona tao dia zaza vao teraka 4 andro izy ity.

***Ny Valosoa***



*Ilay zaza menavava nisy nanary sy ny taratasy nataon'ny reniny.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny famaranana ny Isankerintaonan'ny FLM tany Ankaramalaza.**





**Ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana nihaona tamin'ireo avy amin'ny Lions Club International.**





**Ny Ben'ny tanànan'Antananarivo nanome tso-drano ny AJESAIA U-16.**





**Ny fanadiovana faobe teny amin'ny Boriborintany faha-6.**

